



Extrait du Madagascar-Tribune.com

<http://www.madagascar-tribune.com/Ady-amin-ny-halatr-omby,11526.html>

Besa lampy

Ady amin'ny halatr'omby

- Malagasy -

Date de mise en ligne : vendredi 27 mars 2009

Madagascar-Tribune.com

Andian-dahalo mpangalatra omby mpampihorohoro ny faritry Besalampy sy Ambatomainity ary Maintirano no ravan'ny Zandarimariam-pirenena ao Besalampy ny 25 marsa 2009 lasa teo.

Nanao andiany miisa valo izy ireo izay nirongo basim-borona roa ary nanafika sy nangalatra omby miisa dimapolo (50) tao Analalava, fokotany Antanambao, kaominina sy distrika Besalampy ny 25 marsa 2009 tamin'ny 12 ora atoandro. Avy hatrany dia nanao ny fanarahan-dia ny dahalo ny zandary telolahy miaraka amin'ny fokonolona avy ao an-toerana ka tafaverina avokoa, tsy lavitra loatra ny toerana niaingany, ireo omby rehetra miisa dimapolo. Vaky nandositra ireo dahalo saingy nanao tampody fohy rehefa hiditra ny tananan'Analalava ny mpanara-dia niraoka ireo omby votsotra teny am-pelatanan'izy ireo.

Tratran'ny « *embuscade* » ireo zandary telolahy ka ny iray voatifitra teo amin'ny tanany havanana, ny faharoa kosa dia voa teo amin'ny tongony havanana sy havia ary ny fahatelo voatifitra teo amin'ny valahany. Tsy nahakivy ireo zandary anefa izany fa dia namaly tifitra izy ireo ary dahalo iray no azo sambo-belona. Tsy namelan'izy ireo raha tsy tafaverina avokoa ireo omby dimapolo izay efa nifandrombahan'ny dahalo indray ny saika handrava azy fanindroany.

Hatolotra ny fampanoavana ao Maintirano tsy ho ela ity dahalo tratta ity ary mbola mitohy hatramin'izao ny fikarohana ireo namany.

=====

► **Faritra Bongolava Distrika Fenoarivobe :**

Ny alahady 22 martsa lasa teo, dahalo 16 mirongo basim-borona no nanafika tao Ambohimandroso, fokotany Tsaratanana, komona ambanivohitra Ambohitromby tamin'ny 06 ora maraina teo ho eo. Omby 161 no lasan'izy ireo. Tsy nisy ny aina nafoy nandritra ny fanafihana. Taorian'ny fanarandia nataon'ny zandary ao Ambohitromby sy ny fampandrenesana ireo vondron-tobim-paritry ny zandarimariam-pirenena Maevatanana sy Imerina Afovoany ary ireo tobim-paritra manodidina dia tratta ary efa tafaverina tamin'ny tompony ny omby 100. Mitohy hatrany ny fanarahandia sy ny fanadiadiana mikasika io.